# Kianjan'ny 13 mey
## Maro ny naratra, nampiasa herim-pamoretana ny fitondràna MAPAR 3


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)


**Hosea 4 : 6** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 98), Madagasikara 29 desambra 2018


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

Alakamisy 3 janoary 2019 Laharana 856 Vidiny : 400 Ar


**Zandary sy tafika teo amin'ny 13 mey** 2

# Tsy nitovy ny tambin-karamany



**Praiministra sy ny Préfet** 2

# Mankasitraka ny hala-bato sy hosoka





**Ny Gazety Ny Valosoa vaovao dia mirary taona 2019 sambatra ho antsika rehetra**




**Tranga mampalahelo** 6

Zaza vao teraka hita faty tao anaty harona plastika

**Liva - KMFB** 2

Mitady hirika mafy eto Madagasikara ny Franc-maçon

**Faradofay** 7

Nifety tao anatin'ny tsy fisian-drano

**Daka kely**

Matahotra mafy ny hivoahan'ny verité nareo ry Boaikely a !

**Fikarohana aty Afrika** 5

## Mbola roa ihany ny Malagasy mpikambana amin'ny AAS



PRAIMINISTRA SY NY PRÉFET

# Mankasitraka ny hala-bato sy ny hosoka tamin'ny fifidianana




Na nisy aza omaly, ny fanakantsakanana natao tamin'ireo mpitolona mitaky ny fahamarinan'ny fifidianana feno hosoka sy halatra, natao ny 19 desambra teo amin'ny kianjan'ny 13 mai dia hitohy tsy hihemotra intsony izany. Mitsangana ny andrimasom-pokonolona manomboka izao araka ny nambaran'ireo mpitarika. Ny tena mampanontany tena ny olona dia nandeha tsy nisy sakana ny tolona ny sabotsy teo , nivadika anefa izany omaly satria lasa nampiasa fitaovampiadiana mahery vaika ireo mpitandro filaminana araka ny baikon'ny Praiminisitra sy ny Prefektiora, izay hita fa tena saribakolin'i Andry Rajoelina mihitsy izy ireo, miaro ny tsy fahamarinana sy ny hala-bato nisy. Raha ny vaovao farany azo dia ny fisian' ireo "écrans géants" napetraka eo anoloan'ny lapan'ny tanàna hampisehoana ampahibemaso ireo endrika hosoka sy hala-bato miharihary natao taloha sy nandritra ny fifidianana no tena "tsy zakan'ny Prefektiora sy ny Praiminisitra . Voalaza fa azo atao indray ny hetsika raha tsy misy ireo écrans ireo. Tsy hihemotra anefa fa hiroso hatrany hanohy ny hetsika ireo olona eny an-kianjan'ny 13 mey, na eo aza ny fanenjehana sy ny baomba alefan' ireo miaramila. "Manameloka ny hery famoretana sy ireo naniraka azy hampiasa herisetra amin'ireo vahoaka tonga teo tam-pilaminana sady tsy nanakorontana izahay" hoy Me Hanitra Razafimanantsoa. Raha ny mpibaiko ireo mpitandro filaminana amin'ny fampiasana hery fandravana fihetseham-bahoaka dia ny Praiministra Ntsay Christian no mpanome baiko, mpanatanteraka ny Préfet de Police ny Jeneraly Angelo Ravelonarivo ary mipaka amin' ireo mpitandro filaminana eny an-kianja izany baiko izany. Ny Praiministra dia lehiben'ny governemanta napetraky ny Mapar, noho izany dia manatanteraka ny baiko avy amin'i Andry Rajoelina, kandidà mpangala-bato ity lehibena governemanta ity, koa tsy mahagaga raha mampihàtra an-jambany ny fahefany ho famoretana ireo vahoaka manao hetsika mitaky ny fahamarinana. Na izany na tsy izany, hitohy anio amin' ny 10 ora maraina indray ny hetsika ho fitakiana ny fahamarinana amin' ny fifidianana eny amin' ny kianja manan-tantara 13 mey eny Analakely anio.

***Helisoa***

Liva avy amin'ny KMFB

# Mitady hirika mafy eto Madagasikara ny Franc-maçon

Anisan'ny firenena nitondra faisana sy nandraingiraingy , ary niaina tao anatin'ny fahantrana lalina dia lalina nandritra ny taona maro ny firenena malagasy sy ny vahoakany hoy i Liva avy amin'ny KMFB (Komity Miaro ny Fiainam-Bahoaka), noho ny herin'ny maizina avy any ivelany , izay nandidy sy nibaiko, ka nitondra ankolaka ity firenena malalantsika ity hatrizay. Raha ny tantaran'ireo mpitondra filoham-panjakana nifandimby teto Madagasikara no jerena, dia fantatsika tsara fa efa samy mpikambana tao anatin'ilay fikambanana maizina malaza erantany antsoina hoe : « Franc-maçon » avokoa ny ankamaroan'izy ireo. Amam-polo taonany maro no efa niasa sy nonina teto io fikambanana satanika io. Efa maro noho izany ny olony eto. Rehefa rafi-panjakana mijoro, dia misy ny olony



*Liva avy amin'ny KMFB.*

avokoa. Mbola manginy fotsiny ihany koa ny fisian'ireo fikambanana mpanao asa-soa iraisampirenena marobe matanjaka izay efa miparitaka sy miasa manerana an'i Madagasikara. Fikambanana faran'izay matanjaka ny Franc-maçon eto ambonin'ny tany, ka mahavita mandidy sy manapaka ary mibaiko ny toe-karen'ny firenena iray. Saika voafehiny avokoa ireo sehatra fametsiam-bola iraisam-pirenena matanjaka erantany toy ny FMI sy ny Banky Mondialy, sns…, satria izy no tompon'ny vola. Tsy maintsy potika izay firenena iasany. Na rotiky ny ady an-trano, na rotiky ny fahantrana. Na dia eo aza anefa izany tanjany niseho tamin' ny lafiny maro izany, dia izao no azo ambara : sahirana, ary tsy mahita rirany eto Madagasikara ny Franc-maçon. Efa nanao izay fomba rehetra izy hanapotehana sy hampiadiana ny samy malagasy, toy izao fanerena ny malagasy hanao fifidianana ao anaty hosoka sy hala-bato manarapenitra izao, fa tsy lasa, ary tsy ho lasa lavitra, satria hafa ny malagasy, tsy mitovy amin'ny Afrikana. Na ireo mpikambana ao anatiny ihany aza dia milaza sy miaiky fa firenena hafa mihitsy i Madagasikara sy ny vahoakany. Ho an'Andriamatoa Liva dia tena misy ny tanan'Andriamanitra mihazona ity firenena ity. Ekena fa mbola maro ireo mpanompo sampy eto Madagasikara, kanefa maro ihany koa ireo vondron' olona sy sampana kristiana tena tsy manao raharaha hafa-tsy ny mandohalika sy mitondra am-bavaka ity firenena ity. Izany antony lehibe izany no mahatonga an' Andriamatoa Liva filohan'ny KMFB sahy milaza fa : tsy maintsy ho afaka amin'ity taona 2019 ity i Madagasikara malalantsika. Hataontsika veloma tsy ho ela i La France sy ny asa ratsiny rehetra napetrany teto hatrizay. Ilaina noho izany ny firaisankinantsika vahoaka malagasy rehetra, hanao angaredona hikarohana ny marina rehetra mikasika izao fifidianana feno hosoka sy habibiana izao, mba hahafahantsika manangana ilay tena fanorenana ifotony.

***Ny Valosoa***

Tsy fandriampahalemana

# Vehivavy mety nisy namono nandritra ny fety

Zava-doza no nitranga tao Antsirabe ny harivan' ny taom-baovao 2019 lasa teo. Nahitana fatimbehivavy indray mantsy tsy lavitra ny tranon'ny Ben'ny Tanàna Paul Razanakolona ny harivan' ny 01 Janoary 2019, tokony ho tamin'ny 8 ora sy sasany teo ho eo. Tsy nisy nahafantatra azy ity tovovavy ity hatramin'ny nanoratana, ka dia napetraka ao amin'ny tranompaty aloha hatramin'izao. Raha ny fanazavana nomen'ny mpitsabon'ny BMH sy ny mpitandro filaminana dia olona no nampandre azy ireo ny fisian'ity razana ity, ka rehefa natao ny fitsirihana dia tsy nahitana tranga mampiahiahy ny vatan' ilay zazavavy saingy noheverina fa mety efa maty tany amina toerana hafa izy ity vao nariana teo. Tombanana ihany koa fa toa nosemporina tamin'ny "sachet" ity zazavavy ity satria mbola nahitana izany teo amin' ny lohany tamin'ny fotoana nahitana ny razana. Raha ny tombatomban'ny mpitsabo sy ny mpitandro filaminana ihany dia mety saika haolana na nisy zavatra saika hatao tamin'ity zazavavy ity saingy mety safotra na torana izy dia novelomina sy notobasana rano novelomina saingy tsy tana ny ainy. Tsy nisy nahafantatra hatramin'izao ity ramatoa ity ary mbola ao amin'ny tranom-paty aloha hatreto.

***Solohery***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Olom-pirenena tompon'andraikitra Tsy maintsy sarotiny amin'izay hahasoa ny fireneny

Hadisoana bevava atao amin'ny firenena ny fitazanam-potsiny tsy mandray andraikitra amin' ny hihanahan'ny ratsy. Adidy masina mivesatra eo an-tsorok'izay mbola mahatsiaro tena ho Malagasy ray Malagasy reny ary rà Malagasy no mikoriana ao anatiny ny fifofosana hametraka zavatra tsara sy soa eto amin'ny firenena. Tsy tokony hafangaro araka izany ny fijery amin'ny lafiny ara-panahy sy ny lafiny fiainampirenena. Tsy hoe tsy tokony hifandray sy tsy ilaina io lafiny iray io fa tsy tokony hatao ao anaty kitapo iray na bango tokana velively izy ireo. Eo ny ilàna ny fahaizana manavaka "discernement", ary raha tsy mahay izay dia tsy tokony haneho hevitra amin'izay fampifangaroana izay hamitaka vahoaka fa mila mianatra tsara aloha. Misy mantsy olona, misy mpitondra fivavahana, mitady hamilivily ny resaka amin'izany, ka ahatonga ny olom-pirenena ho sahirantsaina amin'ny toe-java-misy ankehitriny, ka hitarika azy hihalangalana tsy handray andraikitra. Tsy maintsy mijery ny zava-misy eto amin' ny fireneny ny olom-pirenena mahatsiaro ho tompon'andraikitra sy sarotiny amin'ny fireneny. Fotoana izao hitsipahana ny foto-pisainana nafafin'ny mpanjanatany tamin'ny fotoan'andro ny amin'ny fampisaraham-bazana ny vahoaka Malagasy mba hahafahana mifehy azy sy mandroba ny hareny, fa firaisan-kina hiady ny hampanjaka ny rariny sy hitsiny eto amin'ny firenena no zava-dehibe. Mila mijery ny zava-misy iainany sy ny an'ny manodidina azy ny tsirairay ary manokatra ny sainy tsara dia ahita sy ahafantatra ny zavatra tokony ataony manomboka izao. Tsy misy jamba lalina toy ny minia mikimpy, hoy ny fitenenana. Tsy lavina, mety hisy olona sasantsasany hanao izany ihany noho ny vola nanajamba ny masony sy ny tsipitsipy kely tsy mahavita volana akory, fa ny olom-pirenena vanona sy mitsinjo izay hahasoa ny fireneny sy ny taranany tsy ho voasarik'izany velively.

***Sôh'son***

Zandary sy tafika teo amin'ny 13 mey

# Tsy nitovy ny tambin-karamany

Raha araka ny vaovao voaray dia tsy nitovy ny tambin-karama nomen'ny mpaniraka dia ny fitondrana Ntsay Christian, ireo mpitandro filaminana nanao famoretana tetsy amin'ny kianjan'ny 13 mey omaly tontolon'ny andro. Fantatra tamin' izany fa nomena tombon-dahiny tamin'izany tambin-karama izany ireo zandary teny an-toerana; hatramin'ny omaly sy afak'omaly dia efa nome vola 20000 Ar avy ireo zandary teny Anakakely. Ho an'ireo tafika teny an-toerana kosa anefa dia tsy nomena hafa-tsy 15000 Ar, isam-batan'olona izy ireo. Noho izay antony izay, misy ny fimenomenonana amin'izao fotoana amin'ireo mpitandro filaminana alefa manao famoretana eny an-kianja ireo. Ho an'ny tafika dia kolonely iray no efa namoaka ireo miaramila tamin'ny toby hatramin'ny afak'omaly ary nizara vola ho azy ireo. Toy izany koa ho an'ny zandary, jeneraly iray amin'ny faripiadidiana no efa namoaka azy ireo tany amin'ny toby hatramin'ny afak'omaly ihany koa ary nizara ny vola ho an'ireo vatana zandary nampiasaina. Kolonely iray akaiky an'i Andry Rajoelina no nitondra ny vola nozaraina tamin'izy ireo avy. Izay no antony tsy maintsy nanapoahan'izy ireo baomba mandatsa-dranomaso omaly, na efa nahazo niditra an-kalalahana teo amin'io kianja manan-tantara eo Analakely io azan y sabotsy teo ireo mpitolona mitaky ny fahamarinana tamin'ny fifidianana.

***Ny Valosoa***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Kianjan'ny 13 mey : maro ny naratra, nampiasa herim-pamoretana ny fitondràna MAPAR

Niraraka indray ny rà teo amin'ny kianjan'ny 13 mey omaly nandritra ny tolona nataon'ny vahoaka Malagasy, mitaky ny fahamarinana eto amin'ny firenena. Nisy ny fampiasàn'ny fanjakàna ireo herim-pamoretana teny an-toerana tamin'ny alalan'ny fampiasàna ny baomba mandatsa-dranomaso mahery vaika, niaraka tamin'ny tifitra vary raraka tamin'ny bala fingotra tamin'ireo vahoaka tsy nitondra hafa-tsy tanampolo. Vokatr'izany , maro indray ireo Malagasy no nandatsaka ny rày , izay tsy nirian'ny vahoaka mihintsy izany. Tolona am-pilaminana tahaka ny natao tamin'ny andro voalohany ny sabotsy teo no noeritreretina natao amin'ny fitakiana ny tena fahamarinana eto amin'ny firenena fa tsy tolona misy sakoroka araka ny fitenin'ny tanora sy mandatsadrà tahaka ny ataon'ny fitondràna MAPAR toy izao . Vao mangiran-dratsy dia tonga teo amin'ny kianja manodidina ny 13 mey ny foloalindahy polisy , miaramila ary zandary marobe miaraka amin'ny fitaovam-piadiana mahery vaika. Tao amin'ny lapan'ny tanàna Analakely , sahirana ireo mpiasa satria tsy navela hiditra tao amin'ny toeram-piasàny ireo mpiasa tamin'ny ora fidirany. Asa ho an'ny daholobe na service public no atao ao amin'ny lapan'ny tanàna , ka tsy tokony hampiasana herim-pamoretana tahaka izao. Amin'ny olona rehetra sendra ny gazety teny an-toerana dia vaky vava daholo sady kivy hoe : izao ve no hiainana raha sanatria ka lany ho filohampirenena i Andry Rajoelina . Vao tapany fotsiny aza izay Praiminisitra notendreny no mitondra ny fanjakàna vokatry ny tolona teny amin'ny 13 Mey nataon'ireo depiote nitaky ny fiovàna 73 tamin'ny 21 aprily 2018 dia efa izao sahady no zavatra iainana , koa maika fa raha Rajoelina no mahazo fahefàna feno, tsy asa a ! Raha navela hiditra malalaka tao amin'ny kianjan'ny 13 mey anefa ireo vahoaka mitaky ny fahamarinana dia efa nirava am-pilaminana tsy nampiasana herisetra izy ireo . Ka eto dia amafisina fa ny fitondràna mihintsy eto no mamboly korontana eto amin'ny firenena fa tsy ireo vahoaka mitaky ny fahamarinana velively .

***Helisoa***

Pr Harimalala Joseph

# Mijoroa ho mpitsara marina ry mpitsara ao amin'ny HCC

Tsy namelan'ny CENI fa dia navoakany na dia tsy mbola amin'ny fomba Ofisialy aza ny valimpifidianana vonjimaika izay nokarakarain'izy ireo. Efa maro be ny nanakiana sy tsy nankatoa iny voka-pifidianana iny noho ny fahitana ny hosoka bevata sy halabato efa voaomana nialohan'ny niatrehana iny fihodinana faharoa iny. Niaraha-nahalala ireo porofo marobe tratra tamin'izany kanefa dia nodian'ny CENI fanina fotsiny izany noho ny fitiavam-bola be sy fandohalihana manoloana an-dRajoelina Andry. Hita porofo hoy i Pr Harimalala Joseph fa noterenko masaka iny voka-pifidianana iny hampandaniana sy hankatoavana hatrany ny fanonganam-panjakana efa nisy teto Madagasikara fotsiny. Ny tsara ho fantatry ny Mapar sy ny forongony anefa hoy ity mpandinika ity dia tsy mba noheverin'izy ireo fa tsy hitondra filaminana maharitra eto amin' ny firenena ny vokatry ny fanolanana ny safidim-bahoaka ary tsy hitondra fiadanana ho an' ny hoavin'ny taranak'izy ireo akory ny hala-bato nataony. Tsy vitan'izany fa fampihorohoroana sy fandatsahan'ain'olona no hiakarany eo amin'ny fahefana maminy loatra io, ka hampitahorana sy hampihorohoroana indray ny vahoaka maro an'isa amin'ny alalan'ny didy jadona. Eo anatrehan'izany dia mazava ny ambaran'Andriamanitra, voasoratra ao amin'ny Jaona 8:44 manao hoe: "Hianareo avy tamin'ny Devoly rainareo, ka izay sitraky ny rainareo no tianareo hatao. Izy mpamono olona hatramin'ny taloha ary tsy nitoetra tamin'ny marina. Raha mandainga izy dia ny azy no lazainy, satria mpandainga izy sady rain'ny lainga". Eo anatrehan'izany dia manao antso avo amin'Andriamatoa Andry Rajoelina sy ireo tompon'andraikitra misahana ny fifidianana ny tenako, hoy Pr Harimalala Joseph mba handini-tena sy handinika ny ratsy nataony mba hamerina ny anjara-vaton'ny kandida Ravalomanana Marc izay nagalarinareo, mba hahazoanareo famindrampo amin'Andriamanitra, satria dia hianareo ihany no ho kendan'ny vato nangalarinareo ireny aoriana ao, satria hoy ny tenin'i Jesosy Kristy ao amin'ny bokin'i Ezekiela 33: 14-15 manao hoe: "Ary koa, raha hoy izaho amin'ny ratsy fanahy: ho faty tokoa hianao; nefa mialà amin'ny fahotany izy sady manao izay marina sy izay mahitsy, ka mamerina ny natao tsatoka sady mampody izay nangalariny araka ny didy mahavelona ka meloka, dia ho velona tokoa izy, fa tsy ho faty. Koa antso avo no atao aminareo ray aman-dreny eny amin'ny HCC satria izy ireo no tompon'ny teny farany amin'ny fanamarinana ireo hosoka sy ny halabato, ka dia mba hitsara araka ny hitsiny izy ireo raha te hitsinjo tokoa ny ho avin'ny taranaka sy i Madagasikara manontolo ihany koa. Fa hoy ny tenin'i Jesosy Kristy araka izay ambaran'ny bokin'ny Ohabolana 14:



34 manao hoe: "Ny fahamarinana manandratra ny firenena; fa ny ota kosa dia fahafaham-baraka amin'ny olona. Fehiny, ankaherezina ianareo eo anivon'ny HCC mba ho mpitsara marina sy hatahotra an'Andriamanitra ka tsy hamela an'i Madagasikara hoviravirain'i Andry Rajoelina sy ireo Mafia miaraka aminy, izay efa namotika azy nandritra ny 5 taona nandritra ny tetezamita no nankaty, hoy mantsy ny tenin'i Jesosy Kristy ao amin'ny bokin'ny Mpanjaka voalohany 3:27 manao hoe: "Dia namely ny Mpanjaka ka nanao hoe: omeo itsy ny zaza velona, fa aoka tsy hovonoina: fa io mihitsy no tena reniny". Mino sy mahatoky izahay ry HCC fa ho Ray aman-dreny tokoa hianareo ary hanana toe-panahy tahaka izay ananan'ny Mpanjaka izay tokoa hianareo. Ny tsara ho marihina ihany koa mantsy dia nahagaga fa Alarobia in-3 no nanaovan'ny Mapar ny fifidianana fihodinana voalohany hatramin'ny fihodinana faharoa ary nofaranany tamin'ny Alarobia alina tamin'ny 12 ora alina ilay fampitahana ny voka-pifidianana. Izany hoe efa vitan' ny Franc-maçon ny kajy isan-karazany niaraka tamin'ny CENI izay manome ny 7+19=26 izany? Ka tsy maintsy nampitsahatra ilay fampitahana ve noho izay antony izay ny zanaky ny maizina? Noho ireo antony ireo dia hijoro hanao ny fitakiana ny vahoaka amin'ity anio ity indray araka ny voasoratra ao amin'ny bokin'i Daniela 9:27 manao hoe: "Ary hanorina fanekena ho herinandro amin'ny maro izy ary hampitsahatra ny fanatitra hafa hatramin'ny antsasaky ny herinandro, ary amin'ny elatry ny fahavetavetana no hiavian'ny mpandrava, hatramin'ny fahafonganana voatendry izay haidina amin'ny mpandrava, …. Izay mitohy ao amin'ny Ezekiela 32: 2-4 manao hoe: Ry zanak'olona; manaova hira fahaleovana ny amin'ny Farao, mpanjakan'i Egypta, ka ataovy aminy hoe: nanao ny tenanao tahaka ny liona tanora tamin'ny firenena hianao, kanjo tahaka ny Dragona ao amin'ny ranobe ary nitsoriaka teny amin'ny oninao hianao dia nanakobakobana ny rano tamin'ny tongotrao ka nahaloto ny ony. Izao no lazain'i Jehovah tompo: ny vahoaka betsaka tafatambatra no ho entiko mamelatra ny haratoko aminao ary hakarin' ireny amin'ny haratoko hianao dia hatsipiko eny an-tanety hianao ary hariako any an-tsaha dia hampitangoroniko eo aminao ny voro-manidina rehetra ary homeko hivokisan'ny bibidia rehetra ny tenanao". Ambava homana tompoko!

***Solohery***

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Mitohy ihany ny fahitana ny marina tamin'ny hala-bato ny 19 desambra teo

**LaChasse-info.com :** porofon'ny hala-bato amin'ny alalan'ny bulletin pré-coché tratra tany amin'ny faritr'i Toliara.

**Samuel Ramilison :** tena nisy izao tokoa taminay taty Tuléar.

**Manampisoa Njato :** mampalahelo, hala-bato ve no tadiavina hiakarana amin'ny fitondrana, tena tsy ekena hatramin'ny farany ny hala-bato hampandresena an-dRajoelina.

**Lauris RL :** asehoy kosa ny porofo hoe taiza ny trano nahatratrarana azy, sa tao an-tranon'i Andry Rajoelina io?

**Tooj Anthonio Razafindrakoto :** mampigadra ny mamoaka zavatra tsy misy porofo fa matoa seo otran io de manana preuve zany izy.

**Lauris RL :** koa maninona raha entiny eny @ HCC, ary rehef maneho ohatr'izao ian d asehoy miarak eo n porofo.

**Tooj Anthonio Razafindrakoto :** efa lasa any amin'ny HCC any io r'ise a!

**Rindra Randriambao :** efa any amin'ny HCC io fa avoaka mba ho hitan'ny be sy ny maro koa.

**Lauris RL :** tsara zan, mino isika fa tsy maintsy handresy ny marina, tsy miala eo amin'ny 13 mey mandra-pivoakan'ny marina, ny marina tsy maty.

**Laurence Rateloson:** tsy azo ekena mihitsy ny hiverenan'ny mpanongam-panjakana ho olomboafidy izany satria halatra be vata manara-penitra nefa hita ihany no nataony.

**Ahmad Saïd:** zahay aty kony tsy mila putschiste, DJ dictateur zegny, aboahy marina HCC, la balle est dans votre camp, aminare labôly.

**Zandry James:** Tuléar tena tia President Ravalomanana fa tena gaga mihitsy zahay, Rajoelina nandresy, hay halatra be vava.

## TONONKALO

### HO AN`NY KOMITY MAHALEOTENA (CENI) MBA MAHALALÀ MENATRA E !

`Zay mahatolotolotra ihany ary ve
No lazaina fa tompon`ilay fandresena ?
Mba mahalalà menatra olona re
Ry komity mitonona ho mahaleotena !

Tsarovy fa efa mitanjaka anie
`Ty nareo "mody gisa" sy tia miala bala e!
Mba mahalalà menatra olona re
Sao dia efa komity andevozin`ny drala e!

Ny toeranareo , mierinerina be
Ka dia hitam-bahoaka sy tena tsy miery.
Mba mahalalà menatra olona re
F`efa hogahogain`ireo olo-mijery !

Na mora na sarotra dia maneke
Fa ny vokatra hatreto dia mampiahiahy !
Mba mahalalà menatra olona re
Ry komity ivondronan`ny maty fanahy !

Ny marina , tsy azo totofana anie
Ka hanody anareo ny alahelom-bahoaka e !
Mba mahalalà menatra olona re
Ry komity malaza fa tsy misy hapoaka !

***DADAN'i ZINA (31-12-18)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

**Ny zava-nitranga tetsy amin'ny kianjan'ny 13 mai omaly.**



















## Hosea 4: 6

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 98), Madagasikara 29 desambra 2018

***Hosea 4: 6 "Ringana ny oloko noho ny tsi-fisian'ny fahalalana."***


Betsaka ny tsy fahalalanareo ka dia ireny no mitarika fandringanana eo aminareo fa na dia ny fehizoro aza dia ovanareo ny dikany. Matio 21: 42 "Hoy Jesosy taminy: Tsy mbola novakinareo va ny teny ao amin'ny Soratra Masina hoe: Ny vato izay nolavin'ny mpanao trano, Dia izy no efa natao fehizoro; Avy tamin'i Jehovah izao Ka mahagaga eo imasontsika? (Sal. 118. 22-23).". Fantatrao??? JESOSY no FEHIZORO. Efesiana 2: 19-21 "Koa dia tsy mba vahiny sy mpivahiny intsony ianareo, fa tompon-tany, mpiray fanjakana amin'ny olona masina sady ankohonan'Andriamanitra, natsangana teo ambonin'ny fanorenan'ny Apostoly sy ny mpaminany, ary Kristy Jesosy no fehizoro indrindra; ao aminy no irafetan'ny rafitra rehetra, mitombo tsara ho tempoly masina ao amin'ny Tompo." Ny nanorenako anareo dia ho fonenako ao amin' ny Fanahy. Tsy miova ny fanorenako hatrany am-piandohana fa mivoatra fotsiny araka ny vanim-potoana. Araho tsara ny sary dia ho fantatrao ny lalako JEHOVAH.













Mifono AFO io rafitra io ary 12 izy ireo. Zava-miafina eo aminareo koa izany. Aza hadino fa hianareo dia trano Fanahy. Dia hoy ny Teniko, Salamo 127: 1-2 "Raha tsy Izaho Jehovah no manao ny trano, Dia miasa foana ny mpanao azy. Raha tsy Izaho Jehovah no miambina ny tanàna, Dia miari-tory foana ny mpiambina. Zava-poana ho anareo ny mifoha maraina sy ny alim-pandry ka homana ny hanina azo amin'ny fahasahiranana; Izany anefa dia omeko ihany ho an'ny malalany, na dia matory aza izy." Amen!

Mbola hitohy
Amen! Haleloia!
JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

**E-mail:** jehovahandriamanitra@gmail.com
**Facebook :** Jehovah Andriamanitra page
Radio:
- **Antsiva,** FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora
- **Soa Radio,** FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora
- **RMK, FM 102.4,** Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

**Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com):** mivoaka Talata sy Asabotsy

## NY TENY FIAINANA

*Fa maizina hianareo fahiny, fa efa mazava ao amin'ny Tompo kosa ankehitriny; mandehana tahaka ny zanaky ny mazava*

***Efesiana 5:8***

### FIKAROHANA ATY AFRIKA

# Mbola roa ihany ny Malagasy mpikambana amin'ny AAS

Notanterahina tao Pretoria Afrika Atsimo ny 10-11 desambra 2018 ny Fihaonambe faha 11 ny African Academic of Sciences (AAS) ary ny 12 -13 desambra 2018 ny Sciences Forum South African. Solontenan'i Madagasikara tamin'izany Profesora Jonah Ratsimbazafy, sy ny Profesora Raoelina Andriambololona, mpikambana AAS Malagasy. Raha ampatsiahivina fohy dia niforona tamin'ny taona 1985 ny AAS, ka mpikaroka Afrikana 33 avy tamin'ny firenena 22 no nanorina izany. Roa ny Malagasy, anisan'ireo nanorina izany tamin'ny fotoanandro dia i Profesora Rakoto Ratsimamanga sy Profesora Raoelina Andriambololona.

Ny telo tamin'ireo 33 nanorina ny AAS no mbola velona ankehitriny, ka anisan'izany i Pr Raoelina Andriambololona, noraisin-tanana manokana. Ramatoa Ameenah Gurib-Fakim Filohampirenena Maorisiana ankehitriny ary mpikambana AAS ihany koa dia niarahaba azy sy ny solontena Malagasy.

Ankehitriny ny AAS dia misy mpikambana 65 vehivavy ary 250 lehilahy, fa ny Malagasy mpikambana hatramin'izay nisiany dia miisa 06 ka ireto avy izany:

Prof Rakoto Ratsimamanga (†), Prof Raoelina Andriambololona, Prof Uverg-Suzanne Ratsimamanga (†), Prof Philippe Rasoanaivo (†), Prof Rajaona Andriamananjara (†), Prof Jonah Ratsimbazafy.



*Ireo hany Malagasy roa, mpikambana amin'ny AAS.*

Ny Prof Raoelina Andriambololona sy Pr Jonah Ratsimbazafy ihany izany no mbola velona. Anisan'ny tena vitsy ny Malagasy mpikambana AAS satria ry zareo Nigeriana dia mahatratra 60 ary ny Afrikana tatsimo dia 40 mahery... Nampalahelo fa ny Talen'ny Institut Malagasy izay kandida tokana avy aty Madagasikara tamin'ity taona ity dia tsy voaray, ka mijanona ho 02 ihany izany ny Malagasy mpikambana AAS hatramin'izao.

Ao amin'ilay hoe mpikambana affiliates izay misy ny mpikaroka tanora dia tsy misy Malagasy mihitsy na dia 01 aza.

Amin'ireny fihaonamben'ny mpikambana ireny no hijeren'ny mpikaroka Afrikana ny anjara toeran'ny Sciences sy ny mpikaroka siantifika aty Afrika. Ohatra: efa notapahina teo aloha fa ny 1% PIB eo amin'ny firenena iray dia tokony hatokana ho an'ny asa fikarohana. Indrisy fa tsy mbola tanteraka izany teto amintsika satria ny 0,014% ny budget annuel de l'Etat no atolotra ny fikarohana eto Madagasikara. Raha ny zavatra tsapa izany dia: ny olona efa mametraka ny paik'ady hifehezana ny fikarohana aty amin'ny kontinanta Afrikana, koa raha tsy mihetsika isika Malagasy ka mampiakatra ny kalitao sy ny hasin'ny fikarohana eto amintsika, dia ho taraiky eto Afrika eto hoy Pr Jonah Ratsimbazafy. Ny an-dry zareo atsy amin'ny Nosy Maorisy dia ny Filohany mihitsy no mpikambana ao amin'ny AAS, ka raha faha 83 no laharan'ny Oniversite an'Antananarivo tamin'ny Oniversite 100 taty Afrika tamin'ny taona 2014-15, dia ry zareo Maorisiana kosa laharana faha 33.

Ny fihaonambe faha12 amin' ny taona 2019 dia hatao any Egypta.

Tsy mety adinoko hoy izy ny tenin'i Prof Raoelina Andriambololona tamiko raha voaray ho mpikambana AAS ny tenako hoe "Toeram-panompoana ny maha-mpikambana AAS ry Jonah fa tsy toeramboninahitra mihitsy akory...". Koa raha mampita izao rakitsoratra amintsika izao ny tenako hoy izy, dia te hanamafy fa mila mampiakatra ny hasin' ny Akademia Malagasy misy ahy aloha aho amin'izay afahako manao izany. Ary am-panetren-tena tanteraka ry namako isany no hilazanay izany sy hiraiana ny isam-batan'olona sy ny isan-tokantrano mba hanao fety sambatra ka hiatrika indray ny taona vaovao 2019 amin'ny fifaliana sy fahatokiana amin'ny hery vaovao.

**_Aly_**

### Kaominina Ambatondrazaka

# Nahazo fitaovana ho entina miasa ny mpiasan' ny mpanadio tanàna

Nanolotra fitaovana toy ny aron'akanjo sy kiraro anaovana rehefa miasa ary arontanana ny mpi-asa mpanadio tanàna, sy mpanala ny fako ato anatin'ny kaominina Ambatondrazaka renivohitra. Ezaka madiodion'ny kaominina no nentina nividianana ireo fitaovana ireo, hoy ny Ben'ny tanàna, Rafidimanana Louis Felicité . Nambarany fa mbola misy ireo fanampin'ny fitaovana izay mbola ho avy atsy ho atsy. Sambany no nisy ny famatsiana fitaovana tahaka izao hatramin'izay, teo amin'ny kaominina Ambatondrazaka renivohitra. Hitsinjovana manokana ny fahasalaman'ny mpiasa no tena antony namatsiana azy ireo, ireto fitaovana ireto, hoy hatrany ny Ben'ny tanàna satria iarahamahalala fa loto no lalaovin'izy ireo, izay mety hipetrahan'ny otrik' aretina isan-karazany. Nanambara ireto nahazo tombontsoa, fa hampiakatra ny fahazotoan'izy ireo hamita antsakany sy andavany ny asany izao ezaka nataon'ny kaominina izao. Izy ireo rahateo no nahazo fanome- zana voalohany ho an' ireo mpiasa tao amin'ny kaominina Ambatondrazaka renivohitra.



*Niova endrika ireo mpanadio tanànan'Ambatondrazaka.*

**_Raoul_**

Tranga mampalahelo

## Zaza vao teraka hita faty tao anaty harona plastika

Nahitana fatin-jaza kely vao teraka indray teny amin'ny fanariam-pako tao amin' ny fokontany Antsirabe Avaratra akaikin'ny piste ny fiandohan'ity herinandro ity. Zaza efa tena hary tanteraka ity nariana ity ary nofonosina tao anaty harona plastika ilay razana kely ary nariana niaraka tamin'ny fako. Nisehoan'ity tranga mampalahelo ity tao Antsirabe ity ary tao amin'ny fanariam-pako amin'ny lalana mihazo ny Akademia Miaramila iny no nahitana ilay razana kely. Vehivavy mpitsindroka fako vao maraina no naka sy nisava ilay harona fa noheveriny ho misy zavatra mety aminy tao anatiny saingy hatairana no nahazo azy ary niantso vonjeo avy hatrany izy vao nahita fa fatin-jaza kely no tao. Vetivety dia vory ny fokonolona teny an-toerana ary samy nalahelo avokoa nahita ilay fatin-jaza kely miforitra anaty "sachet". Vavikely ilay zaza ary tombanana ho teraka ny vao maraimbe ihany izy io satria mbola nitsonika no mafampana ny rà tao anatin'ilay harona. Ankoatra izay, mbola tao avokoa ny tadim-poitrany sy ny ahitra. Tonga teny antoerana ny teo anivon'ny BMH sy ny mpitandro filaminana nanao fizahana ity tranga mampalahelo ity. Taorian'ny fizahana dia fantatra fa nalevina eny Ampasambahiny ilay zazakely. Misokatra ny fanadihadiana hitiliana ny mety niavian'ity zaza menavava novonoina ity.

***Lezama***

Tranga

## Nahitana trano may teny Ampitatafika

Nisesisesy ny fahamaizana trano tato ho ato teto Antananarivo sy ny manodidina. Omaly, nahitana trano lehibe nirehitra koa teny Ampitatafika distrikan'Antananarivo Atsimondrano. Somary nananosarotra ny famonoana ny afo satria tsy mbola manana itony fiara mpamonjy voina itony ny kaominina eny an-toerana. Samy niezaka nanampy ny tompon-trano tamin'ny famonoana ny afo kosa na izany aza ny manodidina. Bebe ihany ny fahavoazana tamin'ilay tokantrano tratra izao firehetana izao, satria saika simba may avokoa ny entana tao an-trano. Tsy nisy kosa ny aina nafoy, mbola tsy fantatra ny tena fototry ny afo.



*Ilay trano nirehitra teny Ampitatafika.*

***Ny Valosoa***

Distrikan'i Vondrozo

## Namoaka mpiofana miisa 60 ny LTP

Miroborobo ny fampianarana teknika sy ny fanofanana arak'asa any amin'ny distrikan'i Vondrozo any amin'ny faritra Atsimo Atsinanana. Mpiofana miisa 60 mianadahy ireo mpianatra andiany voalohany, izay navoaka tao amin'ny LTP na Lycée Téchnique et Professionnel, tany amin'ity Distrika ny faran'ny taona lasa teo. Ireo mpianatra tany amin' ny faritra Atsimo Atsinanana ireo dia niofana tamin'ny fanaovana mekanika sy mikirakira ireo moteur rehetra, nomena mari-pahaizana ireo mpi-ofana ireo tao aorian' izao fivoahany tamin'ny fomba ofisialy izao. Ny ministeran'ny fampianarana teknika sy arak'asa, izay tarihan'ny ministra Rahantasoa Lydia dia miezaka hatrany amin'ny fanapariahana ny fanofanana omen'ny departementa iadidiany, indri- ndra any amin'ny distrika azo lazaina ho mitoka-monina toy ny any Vondrozo izao.



*Ny tanànan'i Vondrozo any amin'ny faritra Atsimo Atsinanana.*

***Aly***

## SARIITATRA: Ny mpangala-bato enjehina fa aleo ny olona hivezivezy





Fanampoizinana ara-tsakafo

## Mbola misy marary tavela ao amin'ny Hopitaly Atsimo

Olona 13 no tratry ny fanampoizinana ara-tsakafo tao Antsirabe ny Krismasy lasa teo ary mbola misy tavela sy tsaboina ao amin'ny Hopitaly Atsimo hatramin'izany ny ampahan'ireo olona ireo, izay tena voa mafy tokoa. Raha ny fanazavana netin'ilay Ramatoa iray izay vao hivoaka ny Hopitaly ny Alatsinainy 31 Desambra 2018 lasa teo, dia ny Alatsinainy 24 Desambra izy ireo no niantsena tao Antsenasabotsy ary nihinana sakafo masaka "composé", ireny. Madio sy voaaro tsara ilay toeram-pivarotana hoy hatrany izy ary efa fisakafoanany matetika. Nony tonga tany an-trano nefa izy raha ny nambarany dia nanomboka narary kibo ary nandoa sy nivalana ary nalemilemy be sy tsy afa-nihetsika teo am-pandriana. Ny alarobia dia tapakevitra nadeha hopitaly avy hatrany satria noheverina fa ny sakafo tao an-trano no tsy zaka na namparary azy. Akory nefa ny hagagany fa nambaran'ny dokotera fa faha 4 ny olona noraisina izy ireo ary nitovy ny trangan'aretina. Teo sy nitadidy ka samy nilaza ho nihinana tao Antsenasabotsy avokoa. Nisy olona iray trano moa ireto narary ireto satria raha ity olona nanaovana fanadihadiana ity dia izy sy ny zanany no voa ary nisy kosa olona 4 iray trano mihitsy no tratra. Tamin'ny fotoana nandehanana teny amin'ny hopitaly Atsimo moa dia mbola nisy tavela tao amin'ny trano famelomana'aina mihitsy ireo narary ary mbola manaraka fitsaboana ny ampahany tamin'ireo olona 13 ireo. Andrasana indray izay tatitra avy ao amin'ny hopitaly amin'ity anio ity!

***Lezama***

### Taratasin'ny mpamaky

**Taratasy tsy aritra ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy:**

Filohampirenena no tadiavina:

a. Filoha mamerina ny hasiny @ olompirenena.

b. Filoha hitondra fandrosoana.

2- vao misy halabato, na iray monja aza, dia mitory ny maha izy azy an'ilay nanao halabato:

a. « tsy misy hasiny, tsy misy vidiny, maty eritreritra",

b. tsy mendrika ny ho filohampirenena,

c. tsy mila fakafakaina hafa ankoatr'izay.

3- raha manaiky ny amerenana ny fanisàna ny vato, na famerenana ny fifidianana, dia

a. midika fa manaiky ny ampitoviana ny zon'ny mpifanandrina, samy mety ho lany na ny maty eritreritra na nandeha ara-dalàna,

b. midika fa azo laniana ihany ny olona maty eritreritra, manitsaka ny zon'ny mpiray tanindrazana,

c. midika fa « Azo ekena hitondra ihany ny mpangala-bato raha lany eo »,

d. midika fa hamela ny maty eritreritra, hanomana fanitsahana ny zo'ny olombelona malagasy manara-penitra kokoa,

e. Midika fa manaiky ny fitondran'ny maty eritreritra ny rehetra. Ny maha izy azy ihany tsinona no hitondra eo.

4- Fehiny: tsy misy hafa –tsy disqualification no sahaza izay fifidianana nisy hosoka. Disqualifier-na ny mpangala-bato.

5- Tsy ampisafidianana @ maty eritreritra sy ny tia tanindrazana ny olompirenena. Ny olom-pirenena tena tia tanindrazana ihany no tokony hitondra firenena.

***Ralantoarisoa Marius***
***Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao***

# HO HAMAFISINTSIKA
# FA ISIKA
# TSY MANAIKY

## NY HALATRA sy NY HOSOKA




## HIJORO ISIKA HIARO NY FAHAMARINANA

# ANDAO HIFAMOTOANA

ny alakamisy 03 janoary 2019
amin'ny 10 ora eny amin'ny

# Kianjan'ny 13 mai

ISIKA MITAKY NY RARINY. NY MARINA MARINA IHANY.